

## Misaona ny asa fanaovan - gazety
# Nodimandry i Haja Christophe



Mpanao gazety efa ho folo taona tao amin' ny Radio Antsiva izy no nifindra tao amin' ny Radio Tana taty aoriana ary izao nindaosin' ny fahafatesana teo amin' ny faha - 44 taonany omaly izao. Efa nolazoin' ny aretina elaela ihany izy no izao lasa izao. Farany teo dia teo amin' ny sehatry ny vaovao ara - panatanjahantena no tena nimasoany. Mpilalao baolina kitra ihany koa izy tamin' izany fa tsy nianona ho mpampahalala vaovao fotsiny ihany. Anisan' ny nanatevin - daharana ny ekipan' ny mpanao gazety ara - panatanjahantena izy. Lehilahy tsotra izy, mahay mifandray amin' ny rehetra ary tsy mba mora tezitra. Indrisy, tsy ho tazana intsony izany. Koa etoana dia mirary fiononana feno ho an' ireo kamboty navelany sy ilay reny manano - tena tsy fidiny ary ny fianakaviana manontolo izahay eto amin' ny Inona no Vaovao.

**M.R.**

Torak'izany ny eto aminy
www.madagate.org
20/09/2018